## NY TSARA HO FANTATRA MOMBA NY FINOANA ISLAMO

Iarahantsika rehetra mahalala fa isika olombelona dia tsy niforona hoazy, ary tsy nahary ny tenantsika ihany koa, fa nisy Tompo nahary, dia ilay Tompon'izao tontolo izao. Mazava ho azy fa tsy nahary antsika fahatany Izy, fa tsy maintsy misy antony sy fahendrena lehibe amin'izany. Ka ny adidy lehibe indrindra mipetraka eo antsoroka ny olombelona tsirairay dia ny fahafantarana an'ilay Tompony izay nahary azy, ny fahafantarana ny antony sy ny fahendrena amin'ny nanamboarana azy.

Ny làlana sy fomba ahafantarana an'ny Tompo sy ahafantarana ny antony sy ny tanjona amin'ny nanamboarany antsika dia tsy misy afa-tsy avy Aminy sy amin'ny alalany ihany; Izy ihany no afaka mampahafantatra antsika ny momba izany. Ny olombelona anefa tsy afaka mahita mivantana an'ilay Tompo Mpahary; ary iaraha-mahalala ihany koa fa Izy dia tsy niresaka tamin'isam-batan'olona; fa ny fomba izay niresahany tamin'ny zanakolombelona dia tamin'ny alalan'ireo "*hafatra sy fanambarana*"; izay nampitondrainy ireo *Iraka* sy *Mpaminany* izay nalefany; ka ireto farany no nampita izany tamin'ny vahoaka nandefasana azy ireo. Ireo *Iraka* sy *Mpaminany* ireo dia olombelona ihany; saingy nosafidiny manokana izy ireo, mba hampita ny hafany amin'ny zanakolombelona, ary nataony ho modely sy ohatra velona falain-tahaka amin'ny lafim-piainana rehetra; satria izy ireo no olombelona tsara sy mendrika ary tonga lafatra indrindra.

Nalefany izy ireo mba hampianatra ny olona hoe: *Iza marina ilay Tompo nahary azy ireo? Inona no tanjona amin'ny fisian'izy ireo? Inona no tokony hataon'izy ireo eto an-tany? Inona no miandry azy ireo aorian'ny fahafatesana? Sns.*

Ndeha àry isika hihaino fanambarana iray lehibe, avy amin'ny Tompon'izao tontolo izao, manambara ny antony nanamboarany antsika olombelona; fanambarana izay voarakitra ao anatin'ny boky masina *Kor'any*, amin'ny andininy masina iray izay nadika toy izao hoe:

*"Ary tsy nahary ny djinn sy ny olombelona Aho, afa-tsy hanompo Ahy"*[51:56].

Ka ny antony nanamboarany antsika olombelona araka izany dia ny hanompo Azy; ary hitory sy hampianatra izany indrindra no nandefasany ireo *Iraka* sy *Mpaminany* rehetra ireo. Hoy Izy amin'ny andininy masina iray, izay nadika toy izao hoe:

*"Ary efa nandefa Iraka isaky ny vahoaka tsirairay tokoa Izahay, (hiteny hoe): "Manompoa an'i Allah ianareo, ary halaviroareo ny tompo sandoka"*[16:36].

Ka samy nilaza tamin'ny vahoakany izy ireo fa: *"Ilay Tompo Mpahary dia tokana ihany; Izy irery ihany no mendrika sy manan-jo hotompoina, ary ny fanompoana rehetra atao amin'ny zavatra hafa ankoatra Azy dia zava-poana sy tsinontsinona avokoa, ary tsy ekeny mandrakizay"*.

Io hafatra lehibe io dia niombonan'ireo *Mpaminany* sy *Iraka* rehetra. Tsy niantso ny olona hanompo ny tenany izy ireo, fa hanompo an'ilay Tompo Mpahary izay naniraka azy ireo, ilay Tompon'izao tontolo izao.

Ny hany mba nampiavaka azy ireo dia ireo lalàna samihafa izay nentin'izy ireo; satria samy nampitondraina lalàna mifanaraka amin'ny vanim-potoana sy toerana nisy azy tsirairay avy izy ireo; fa ny foto-pinoana kosa dia iray tsy miova.

Fa ny nahatonga ny olona maro, nivaona tamin'ilay hafatra sy fampianarana fototra, izay niombonan'ireo *Iraka* rehetra nalefa teto an-tany, dia satria ireo hafatra tena izy tany am-boalohany, izay nentin'ireo *Iraka* sy *Mpaminany* ireo, dia saika efa very avokoa, na koa novan'ireo taranaka nifandimby, izay nandray izany fanambarana sy hafatra izany taty aoriana; ka nampian'izy ireo hevi-dravina sy fadifady ary finoanoam-poana sy fanompoan-tsampy maro isan-karazany, na koa hevitra filojofika tsy mitombona sy tsy marina.

Tsy navelan'i Tompo *Allah* irery tsy misy mpitarika anefa ny olombelona, fa nandefasany *Iraka* sy *Mpaminany* maro nifanesy, mba hamoha sy hamelona indray ilay hafatra tany amboalohany, ary hamerina ny olona amin'ny làlana marina.

Ny voalohany tamin'ireo Iraka nalefan'i *Allah* dia i *Noa*; ary tonga nifandimby taoriany, tao anatin'ny taonjato maro nifanesy ry *Abrahama*, *Mosesy*, *Jesoa* ﷺ; izay samy nirahina manokana ho amin'ny vahoakany tsirairay avy. Ary teo anelanelan'izy ireo dia nisy Iraka sy Mpaminany maro ihany koa.

Ny farany indrindra tamin'izy ireo dia i Mpaminany *Mohammad* ﷺ, izay tonga taorian'ny Mpaminany *Jesoa* ﷺ. Nisy taonjato dimy nanelanelana azy roa, ary tsy nisy Mpaminany teo anivon'izany. Nalefan'i *Allah* i Mpaminany *Mohammad* ﷺ, mba hitondra ilay hafatra farany dia: *NY FINOANA ISLAMO*. Ka amin'ny maha-Mpaminany farany azy, dia novalavalain'i *Allah* sy narovany tanteraka ny fanambarana izay nampitondrainy azy, dia ny boky masina *Kor'any*, izay loharano akana ireo foto-pinoana sy lalàna rehetra mamehy ny fiainana. Nataony mifanaraka tanteraka amin'ny toerana sy vanim-potoana rehetra ireo lalàna izay fonosiny, ary nataony ho an'ny zanakolombelona iray manontolo. Araka izany ny finoana Islamo dia manan-kery amin'ny toerana sy vanim-potoana rehetra, mandrapahatongan'ny Andro farany; ka tsy mitady hafatra hafa intsony ny olombelona aorian'izany.

### FAMARITANA NY FINOANA ISLAMO SY NY FANOMPOANA

Ny teny hoe "*islamo*" dia mifono ireto hevitra ireto:

**Voalohany**: fanoloran-tena sy fanetren-tena.

Ny finoana Islamo araka izany dia midika hoe: *fanoloran-tena feno ho an'i Allah, amin'ny alalan'ny fanokanana Azy amin'ny fanompoana; ary fanetren-tena ho Azy, amin'ny alalan'ny fankatoavana ny baikony, na didy izany na fandrarana.*

**Faharoa**: fiadanana sy fandriam-pahalemana.

Ka raha atambatra ireo hevitra roa ireo, dia midika fa tsy hahazo ny tena fiadanan'ny fo sy ny saina ary ny vatana ny olona iray; afa-tsy amin'ny alalan'ny fanoloran-tena ho an'i *Allah* sy fanetren-tena eo anatrehany ary fankatoavana Azy.

Ka mba hahazoana izany fiadanana sy fandriampahalemana izany, dia tonga ny finoana Islamo nitondra hitsin-dàlana feno, mirakitra ambaratonga telo, entina mitaiza sy manadio ireo zavatra telo lehibe mandrafitra ny tenan'ny olombelona tsirairay dia: ny vatana sy ny saina ary ny fanahy.

### Ireo ambaratonga telo lehibe amin'ny finoana Islamo:

**Voalohany**: fanoloram-batana na fanetrem-batana ho an'i *Allah*; izay antsoina hoe: "*islamo*".

**Faharoa**: fanolorana ny fo, na fanetrem-po ho an'i *Allah*; izay antsoina hoe: "*imaan*".

**Fahatelo**: fanoloram-panahy na fanetrem-panahy ho an'i *Allah*; izay antsoina hoe: "*ihsaan*".

Ny fanoloran-tena ho an'i *Allah* araka izany, dia fanolorana ho Azy ireo zavatra telo ireo, amin'ny alalan'ny fampiasana azy ireo amin'ny fanompoana Azy; mba hahatontosa araka ny tokony ho izy ny fanompoana, izay antony nanamboarana antsika zanakolombelona.

Ary ny fanompoana amin'ny finoana Islamo, dia tsy mijanona fotsiny amin'ireo fanompoam-pivavahana, fa mifono zavatra maro dia maro; satria ireo *voafono ao anatin'izany avokoa izay zavatra rehetra tian'i Allah sy ankasitrahany, amin'ireo teny sy asa, na mibaribary na koa miafina.*

Ka ny finoana Islamo dia mametraka fa ahazoan'ny olombelona valisoa eo anatrehan'i *Allah* avokoa ireo asa soa rehetra izay ataony, raha mahafeno ireto fepetra roa ireto:

**Voalohany**: natao tamin'ny fikasana madio ho an'i *Allah*; ka ny tanjona tamin'ny fanaovana azy dia ny mba hahazoana ny hafalian'ny Tompo *Allah* sy ny fankasitrahany; fa tsy natao ho an'ny tompo sandoka, na koa noho ny firehareha sns.

**Faharoa**: natao mifanaraka amin'ny endrika sy fomba izay nofaritan'i *Allah* fa tiany hanaovana izany asa izany, izany hoe mifanaraka amin'ny fampianaran'ilay Iraka izay nalefany.

Ka ny fanaovana soa amin'olona, fanajana ireo ray amandreny, fikarakarana tsara ny vady aman-janaka, fifandraisana tsara amin'ny mpifanolo-body rindrina amin'ny tena, fanalana ireo zavatra manelingelina ny mpandeha eny amin'ny lalana; fitenenana ny marina, fanampiana ny olona sahirana, fandeferana, eny fa hatramin'ny fitsikiana amin'ny hafa, fiarahabana olona sns; izany rehetra izany dia asa soa ahazoana valisoa avokoa, raha natao tamin'ny fikasana tsara; izany hoe natao hitadiavana ny hafalian'i *Allah* sy ny fankasitrahany.

Mba alaivo sary an-tsaina ny olona izay manompo mandrakariva an'i *Allah*, amin'ny vatany sy ny sainy ary ny fanahiny, hoe ahoana ny fahasambarana sy ny fiadanana iainan'izany olona izany. Ary mba alaivo sary an-tsaina ihany koa ny fandriam-pahalemana, izay ho hita eo amin'ny fiarahamonina iray, raha toa izany avokoa ireo mponina ao anatiny.

### IREO FOTOTRA DIMY IORENAN'NY ISLAMO

**Ny fijoroana vavolombelona fa tsy misy tompo mendrika hotompoina marina afa-tsy *Allah* ary i *Mohammad* ﷺ dia Irak'i *Allah*:**

Ny finoana Tompo tokana no fototra lehibe indrindra amin'ny finoana Islamo. Tafiditra anatin'ny finoana Islamo ny olona iray amin'ny alalan'ny fanekeny sy fitenenany hoe:*"Mijoro vavolombelona aho fa tsy misy tompo mendrika hotompoina marina afa-tsy Allah, ary i Mohammad dia Irak'i Allah"*.

Izany dia tononina amin'ny teny arabo hoe: *"Ash-hado an là ilàha illallàho wa anna Mohammadan rasòlollàh"*.

Ny dikan'io teny io dia toy izao: *fandàvana* tanteraka ireo zavatra rehetra izay tompoin'olona ankoatran'i *Allah,* ilay nahary an'izao tontolo izao; satria tompo sandoka sy tsy marina avokoa izy ireny, ary zavaboahary sy mpanompo avokoa, ka tsy mendrika hotompoina dia kely aza. Ary *fanekena* fa *Allah* irery ihany no Tompo marina sy mendrika hotompoina, satria Izy irery ihany no nahary an'izao tontolo izao sy Tompon'ny fanjakana sy fandidiana ao anatiny.

Ny finoana fa *Allah* irery ihany no Tompo azo tompoina, dia mitaky ny fahafantarana ny fomba entina manompo Azy; ary tsy fantatsika izany raha tsy tamin'ny alalan'ny Iraka izay nalefany; satria izy no nitondra ny hafatra avy tamin'i *Allah,* izay mampianatra ny zavatra rehetra.

Ka tsy maintsy inoana araka izany ilay Iraka izay nalefany; ary ny finoana ilay Iraka dia midika hoe: *finoana izay nolazainy sy fankatoavana ireo baikony ary fanompoana an'ny Tompo Allah araka ny fampianarana izay nentiny.*

*Allah* dia efa nanambara mazava tsara fa tokana Izy; ary efa nambarany ihany koa fa ny fanompoana rehetra dia tsy azo atao afa-tsy ho Azy irery ihany; ka izay mitsipaka izany dia efa nikomy Azy, ary izay tsy manaraka ireo Iraka izay nampitondrainy ny hafatra ho an'ny zanakolombelona ihany koa dia efa nikomy Azy. Izany no mahatonga an'io teny io ho vavahana idirana amin'ny finoana Islamo. Ka ny fanekena na fanoherana izany no mampiavaka ny mpino Islamo amin'ny tsy mpino.

**Ny Swalat (fanompoam-pivavahana):**

Ny Swalat in-dimy isan'andro, dia adidy tsy maintsy atao ho an'i *Allah*; ary izany dia fifandraisan'ny mpanompo amin'ny Tompony. Ao anatin'izany izy midera an'i *Allah* amin'ny fiderana maro samihafa sy mangataka Aminy, izay zavatra tiany angatahina, ary manetry tena eo anatrehany amin'ny fony sy ny sainy ary ny vatany iray manontolo.

Alohan'ny hanatanteraka ny Swalat ny mpino Islamo, dia midio tanteraka; satria hitsangana eo anatrehan'i *Allah,* ilay Tompo nahary an'izao tontolo izao.

Ny lehilahy dia voadidy hanao izany any amin'ireo trano fivavahana (*Masjid*); fa rehefa tena tsy afaka kosa dia afaka manangana izany izy n'aiza n'aiza ny toerana misy azy, ankoatra ireo toerana izay tsy mendrika sy tsy madio ho an'izany. Ny vehivavy kosa dia tsy sakanana hanatanteraka izany any amin'ny *Masjid,* fa ny fanaovany azy ao an-tranony no tena tsara.

Ireto avy ireo fotoana natokana hanatanterahana izany: amin'ny maraina vao mangiran-dratsy, amin'ny mitatao vovonana, amin'ny tolakandro, aorian'ny filentehan'ny masoandro ary rehefa tena miditra ny alina.

**Anisan'ireo lesona lehibe izay fonosiny:**

Ny Swalat dia anisan'ny mariky ny fitoviana eo amin'ny mpanan-karena sy ny mahantra, ny mpitondra sy ny entina; tsy misy fanavakavahana ara-pirazanana na ara-bolonkoditra; satria rehefa manatanteraka izany ireo mpino Islamo dia miara-mitsangana sy mitambatra ao anatin'ny filaharana iray, ny soroka mifampipetaka, ary miarakiankohoka eo anatrehan'i *Allah* izy rehetra, amin'ny fitodihana iray ihany.

Ny fanatanterahana ny Swalat miaraka any amin'ny *Masjid,* dia manamafy ny firahalahiana sy ny fifankatiavana eo amin'ny samy mpino; ary mahatonga azy ireo hifankafantatra. Raha marary ohatra ny iray amin'izy ireo, ka tsy hita tao amin'ny *Masjid,* dia fantatra avy hatrany, ary miezaka mamangy azy izy ireo.

Ny Swalat ihany koa dia manamafy sy mampitombo ny finoana an'i *Allah,* ary mitaiza ny olona ho amin'ny fitondran-tena ambony sy mendrika tanteraka; ary manampy azy ihany koa amin'ny fanadiovany ny fony, ka mahatonga ny mpanao Swalat ho lavitry ny fakam-panahy sy ny fitaomandratsy.

**Ny Zakat (famoahana ampahan-karena):**

Ny mpino Islamo dia voadidy hamoaka ampahany, amin'ny karazam-pananana sasan-tsasany eo ampelatanany, rehefa mahatratra na mihoatra fetra manokana izay efa voafaritra izany fananana izany, ary tsy nilatsaka ambanin'izany nandritry ny taona iray. Kely dia kely ny ampahany avoakany raha oharina amin'ilay fananany; satria 2,5% ihany na ambonin'izany kely, ary mandritry ny taona iray, dia indray mandeha fotsiny no amoahana izany; afa-tsy amin'ireo vokatry ny tany izay misy Zakat; satria ny famoahana izany dia amin'ny fotoana iotazana na ijinjana ny vokatra.

Ary ny Zakat dia tsy natao omena n'iza n'iza, fa efa misy andian'olona voafaritra azo omena azy; ka ny voalohany indrindra amin'izany dia ireo mahantra sy sahirana.

**Anisan'ireo lesona lehibe izay fonosiny:**

Ny Zakat dia manadio ny harena, ary mampitombo sy mampiroborobo izany harena izany sy ny fahasoavana azo avy aminy ary mampateza azy.

Ny Zakat dia mampitombo ao amin'ny mpino Islamo ny toe-tsaina malala-tanana, tia manampy ny hafa, ary manala aminy ny fitiavan-tena sy ny fahihirana.

Ny Zakat ihany koa dia mampihena sy manala izay mety ho lolom-po sy fialonana ananan'ny mahantra manoloana ireo mpanana eo anivon'ny fiarahamonina.

**Ny fifehezana na fifadian-kanina mandritra ny volana Ramadany**

Ny fifehezana dia tanterahin'ireo mpino Islamo isantaona, mandritra ny volana Ramadany, izay volana fahasivy amin'ny kalandrie islamika.

Ny hoe "mifehy" dia midika hoe: *tsy misotro rano sy tsy mihinan-kanina ary tsy manao firaisana ara-nofo manomboka amin'ny maraina vao mangiran-dratsy ka hatramin'ny filentehan'ny masoandro.*

Tsy vitan'ny mamehy tena amin'ireo zavatra ireo ihany ny mpifehy, fa mamehy tena ihany koa izy tsy hiteny ratsy na hanao asa ratsy.

**Anisan'ireo lesona lehibe izay fonosiny:**

Ny fifehezana dia mampianatra ny olona hiaina amin'ny fahamarinana, ary manamafy sy mampitombo ny fahatahorana an'i *Allah* ao am-po. Ary mitaiza ny olona amin'ny fahadiovam-po ihany koa azy, ka mahatonga ny fanatanterahana ny fanompoana ho an'i *Allah* irery ihany, fa tsy noho ny fireharehana sns; satria rehefa mifehy vava ny olona iray, dia tsy misy mahafantatra izany ny mpiara-belona aminy, fa mijanona eo aminy sy *Allah* irery ihany izany.

Ny fifehezana dia mampitombo ny fiaretana sy ny fahaizamamehy tena sy mamolaka ny sitrapo, ary mahatonga ny olona hahatsapa ny fahoriana sy ny fijaliana iainan'ireo olona mahantra, izay zara raha mahita hanin-ko hanina; ka mahatonga azy hanana fangoraham-po amin'ny mpiarabelona aminy; indrindra fa ireo mahantra sy sahirana.

**Ny Hajj (fivahiniana masina atao any Makkah):**

Ny Hajj dia asa fanompoana izay tsy maintsy tanterahina indray mandeha, mandritra ny fiainana iray manontolo, ho an'izay manana fahefana ara-batana sy ara-bola.

Misy fotoana manokana natao hanatanterahana izany, ka mandritra io fotoana io dia mpino Islamo an-tapitrisany avy amin'ny vazan-tany efatra no mankany Makkah, mamaly ny antson'i *Allah*.

**Anisan'ireo lesona lehibe izay fonosiny:**

Ireo mpanao ny fivahiniana masina dia mitovy fomba fitafy avokoa, na ny mahantra na ny mpanana, na ny mpitondra na ny entina, ary miaraka izy ireo manatanteraka ireo fanompoam-pivavahana maro samihafa, izay atao mandritra ny Hajj. Izany dia manamafy ny foto-kevitra iray lehibe, izay ijoroan'ny finoana Islamo, dia ny tsy fisian'ny fanavakavahana, na amin'ny firazanana sy fiaviana, na arakolontsaina sy volon-koditra; satria ny mendrika sy manamboninahitra indrindra eo anatrehan'i *Allah,* dia izay tena hendry Aminy sy manam-pahatahorana indrindra.

Raha ireo rehetra voalaza ireo no atao bango tokana dia hita fa misy ny karazana fanompoana izay mifantoka amin'ny ezaky ny vatana, ary ao ny mifantoka amin'ny famoahana amin'ny harena, ary ao koa ny manambatra azy roa. Ary hita ihany koa fa misy amin'izy ireo no tanterahina isan'andro, ao ny tanterahina mandritra ny iray volana isantaona, ao ny tanterahina indray mandeha isan-taona, ary ao ny voadidy indray mandeha mandritra ny fiainana iray manontolo.

Ka alaivo sary an-tsaina ny olona izay nahatontosa azy rehetra ireo antsakany sy andavany, ary nahazo an'ireo lesona izay notanisaintsika ireo sy ny maro hafa ankoatra ireo; alaivo sary an-tsaina ny fahasambarana sy ny fiadanana lehibe izay iainan'izany olona izany; sambatra arapanahy, milamina ara-tsaina ary miadana ara-batana.

**IREO FOTOTRA ENINA IORENAN'NY "IMAAN" NA FOTOPINOANA**

**Finoana an'i *Allah*:**

Ny mpino Islamo dia mino tanteraka fa *Allah* irery ihany no mendrika sy manan-jo hotompoina. Ny zavatra rehetra ankoatra Azy dia mpanompony ary miankina Aminy avokoa; ka tsy misy amin'izy ireo no mendrika hotompoina na dia iray aza.

Izy irery ihany no nahary sy Tompon'ny fanjakana ary Tompon'ny fandidiana amin'izao tontolo izao. Tsy misy mikambana Aminy amin'ny fanjakany.

Azy ireo anarana tsara indrindra sy ireo toetra ambony sy lavorary ary mendri-piderana indrindra. Tsy misy mitovy aminy amin'izany.

Izy ilay Tsitoha, ilay tsy misy fiandohana sy fiafarana, ilay Be indrafo, ilay Be fiantrana, ilay Mpahary ary Izy ilay miahy ny fiveloman'ny zavatra rehetra.

Izy ilay Tokana, Izy no itodihan'ny zavaboahary iray manontolo amin'ny zavatra rehetra, tsy niteraka ary tsy nateraka, tsy misy zavatra mitovy Aminy na dia iray aza.

**Finoana ireo Anjely:**

Izy ireo dia zavaboahary tsy hita maso, namboarin'i *Allah* avy tamin'ny hazavana. Zavaboahary madio, tsy misakafo na misotro na matory, ary tsy mitsipaka na oviana na oviana ny baikon'ilay nahary azy ireo.



Izy ireo dia manompo tsy tapaka an'i *Allah,* ary mitsangana manatanteraka mandrakariva izay nandidiany azy ireo; ka mpanompo avokoa izy ireo fa tsy natao hotompoina.

Misy amin'izy ireo no mpitondra hafatra mandeha amin'ireo Iraka sy Mpaminany (anjely *Gabriel* na fanahy masina); misy koa ny mpaka ny fofonain'ny zavaboary; ary misy ihany koa ny mpanoratra ny asa ataon'ny zanakolombelona na tsara na ratsy; sy ny ankoatra ireo amin'ny zavatra izay nampanaovin'i *Allah* azy ireo.

Maro dia maro ny isan'ireo Anjely, ary tsy misy mahafantatra ny isan'izy ireo afa-tsy *Allah,* ilay nahary azy ireo ihany.

**Finoana an'ireo Irak'i *Allah* rehetra, ary tsy manisy fanavahana eo amin'izy ireo:**

Voalaza amin'ny andininy masina iray izay nadika toy izao hoe:

*"Nino izay nampidinina taminy avy tamin'ny Tompony ilay Iraka, ary koa ireo mpino; izy rehetra dia samy nino an'i Allah sy ireo Anjeliny sy ireo Bokiny ary ireo Irakany avokoa. (Ary miteny izy ireo hoe): "Tsy manavaka na dia iray amin'ireo Irakany izahay"[2:285].*

Ny mpino Islamo dia mino tanteraka fa *Allah* dia nandefa Iraka iray na maromaro amin'ny vahoaka tsirairay, izay olombelona tahaka antsika ihany; saingy nofidiny mba hampita ny hafany. Ka niantso ny vahoakany izy ireo mba hanokana ny fanompoana rehetra ho an'i *Allah,* ary hikomy ireo zavatra rehetra izay tompoin'ny sasany ankoatra Azy.

Olona marina izy ireo, ary nahazo fanambarana marina avy tamin'i *Allah*; olona mahitsy, mendrika, tsara, matahotra an'i *Allah*; ary olona azo antoka tanteraka, sady tsara indrindra amin'ny zavaboahary, ary lavitra ny fanompoantsampy hatramin'ny fahazazan'izy ireo. Notarihin'i *Allah* amin'ny lalana mahitsy hatrany izy ireo, ary nitarika ny vahoakany ho amin'ny lalana mahitsy ihany koa; ary ny hafatra nomen'i *Allah* azy ireo dia nampitainy avokoa.

Ny Kor'any dia mitanisa dimy amby roam-polo amin'izy ireo, ary manamafy fa mbola misy maro ankoatra ireo izay notanisainy. Anisan'ireo Mpaminany ireo i *Noa*, *Abrahama*, *Ismaela*, *Isaka*, *Jakoba*, *Josefa*, *Mosesy*, *Davida*, *Salomona*, *Jaona*, *Jesoa* ary ny farany dia i *Mohammad* ﷺ (fiadanan'i *Allah* sy tsodranony anie ho amin'izy ireo).

Ny Mpaminany tsirairay dia nalefa ho amin'ny vahoaka voafaritra, fa i Mpaminany *Mohammad* ﷺ kosa dia nalefa ho amin'ny zanakolombelona rehetra.

Marihina fa ny baiboly amin'ny endrika misy azy ankehitriny dia mbola manambara mazava tsara ny fahatongavan'ny Mpaminany *Mohammad* ﷺ.

**Finoana ireo boky rehetra nampidinin'i *Allah*, amin'ny endrik'izy ireo tena izy tany amboalohany:**

Ireo soratra masina ireo dia mifono ireo fanambarana izay voarain'ireo Iraka mba hitarihan'izy ireo ny vahoakany tsirairay avy ho amin'ny lalan'ny fahitsiana sy fahamarinana.

Ny voatonona ao anatin'ny Kor'any dia ireo takelak'i *Abrahama*, Torah an'i *Mosesy* sy Zabor (salamo) an'i *Davida* ary Evanjely an'i *Jesoa*.

Indrisy anefa fa niharam-panovana avokoa ireo boky voalaza etsy ambony talohan'ny fahatongavan'ny Mpaminany *Mohammad* ﷺ, na very mihitsy aza; ka nampidinin'i *Allah* tamin'ny Mpaminany *Mohammad* ﷺ ny Kor'any masina ary



nataony izany ho fanambarana farany sy ho tari-dalana ho an'ny zanakolombelona.

Mba alaivo sary an-tsaina ny olona iray izay maka tahaka an'ireo Mpaminany sy Iraka nalefan'i *Allah* amin'ny fiainany iray manontolo, no sady mitazona ny boky izay mirakitra ny tenin'i *Allah* ilay nahary an'izao tontolo izao; boky izay feno fananarana sy fahitsiana, izay marina avokoa ireo zavatra nambarany ary rariny avokoa ireo lalàna fonosiny; mba heritrereto ny fahitsiana ho azon'izany olona izany sy ny fahasambarana izay hiainany.

**Finoana ny Andro farany:**

Ny Kor'any dia manambara fa ny fiainana eto an-tany dia fisedrana fotsiny ihany ho an'ny olombelona; hitsapana azy na hanaraka na tsia ireo zavatra nanirahan'i *Allah* azy. Ka tokony hanao asa soa sy hanompo an'i *Allah* mandrakariva araka izany ny olombelona, mba hiomanany ho amin'ilay fiainana mandrakizay aorian'ny fahafatesana.

Amin'ny Andro farany, ilay andron'ny fitsarana, ny olombelona dia hatsangana amin'ny maty, ary hajoro eo anatrehan'i *Allah* miaraka amin'ny asa rehetra nataon'izy ireo tety an-tany, mba hotsaraina amin'izany. Ka misy amin'izy ireo no hahazo ny famindram-po, noho ny finoana marina nananany sy ny asa soa vitany; ka hiadana mandrakizay ao amin'ny Paradisa. Ary misy koa ireo hosaziana sy hatsipy ao anatin'ny Afobe, noho ny fikomiana sy asa ratsy izay nataony tety an-tany.

Ao anatin'izany finoana an'i *Allah* sy ny Andro farany izany, ny finoana Islamo dia mitaiza ny olombelona, ary mampiditra lalina ao am-pony sy ao an-tsainy fa *Allah* dia eo alandava mahita sy mandre ny ataon'ny tsirairay, tsy misy miafina Aminy izany, ary mbola hotsarainy amin'izany avokoa izy ireo; ka raha tsara ny natao dia tsara ny valiny, fa raha ratsy kosa dia ratsy toraka izany ihany koa ny valiny. Ny finoana an'izany dia misintona ny olona sy ny fiarahamonina amin'ny ankapobeny, mba hanaja mandrakariva ireo lalàna mifehy ny fitsipi-pitondran-tena; tsy noho ny tahotra olona na noho ny fanerena avy ety ivelany, fa noho ny fahatahorana an'i *Allah* irery ihany.

Mba alaivo sary an-tsaina ny fiarahamonina izay voataiza tahaka izany ka tafiditra lalina ao am-pony ny finoana toy izany; mba heritrereto ahoana ny fiadanana sy ny fandriampahalemana izay hanjaka ao.

**Finoana ny lahatra:**

Ny mpino Islamo dia mino sy manaiky tanteraka ny fisian'ny lahatra; mino tanteraka izy fa ny zavatra rehetra manjo azy amin'ny fiainany, na tsara na ratsy, dia mitranga satria sitrak'i *Allah*.

Manana fahendrena sy fahalalana feno sy lavorary tanteraka *Allah*; fantany avokoa ny efa lasa sy ny mbola ho avy rehetra, ary tsy misy zavatra miafina Aminy. Ny zavatra rehetra dia efa voasoratra avokoa. Ka izay sitrany hitranga ihany no mitranga amin'izao tontolo izao; satria Azy izany ary tsy misy zavatra mandalo amin'ny fanjakany afa-tsy izay sitrany ihany. Ary Izy no Mpahary ny zavatra rehetra.

Ny zavatra rehetra izay asehony dia misy dikany avokoa, na dia tsy takatry ny saintsika sy tsy azontsika avokoa aza. Noho izany ny mpino Islamo dia manaiky tanteraka ny lahatra napetrak'i *Allah* amin'ny fiainany.

Izany finoana izany dia mahatonga azy hanana fahatoniam



-po sy filaminan-tsaina amin'izay rehetra manjò azy; ary mahatonga azy tsy ho kivy manoloana ireo vesatra maro isan-karazany mianjady amin'ny fiainany fa miaritra mandrakariva.

Ny mpino Islamo, amin'ny finoany ny lahatra, dia manao ny ezaka rehetra izay vitany, mba hahazoany izay mahasoa azy sy hanalavirany izay mitondra ratsy aminy; saingy tsy miantehitra amin'ny ezaka izay ataony, fa mametraka kosa ny fitokiany amin'i *Allah* ilay Tompon'ny zavatra rehetra. Ka raha miezaka izy nefa tsy azony ny zavatra ilainy dia tsy kivy izy, fa mankasitraka hatrany satria fantany fa izany dia lahatra avy amin'i *Allah* ary misy fahendrena avokoa ao ambadik'izany.

**NY FOTOTRA IORENAN'NY IHSAAN**

Ny teny hoe "Ihsaan" dia midika ara-bakiteny hoe: fanaovana soa sy fanaovana zavatra amin'ny fomba tena lavorary indrindra.

Ary rehefa nanontaniana ny amin'izany i Mpaminany *Mohammad* ﷺ dia niteny izy hoe: *"Ihsaan dia: fanompoanao an'i Allah tahaka ny hoe mahita Azy ianao, fa raha tsy vitanao izany dia ny (fanompoanao Azy amin'ny) fahatsapanao fa Izy mahita anao".*

Ny olona iray rehefa manompo an'i *Allah* am-pitiavana feno sy manantena ireo valisoa avy Aminy, hany ka manompo Azy tahaka ny olona mahita Azy; izany olona izany dia tsy maintsy hiezaka hanatontosa antsakany sy andavany ny fanompoana an'i *Allah,* ka hanao izany amin'ny endrika tsara sy lavorary indrindra; ary tsy vitan'izany ihany, fa hiezaka hanao tsara sy haneho hatsaram-panahy feno amin'ny mpiara-belona aminy, eny fa na amin'ny biby aza. Toraka izany ihany koa ny olona iray izay manompo an'i *Allah* amin'ny fahatahorana Azy sy fanalavirana ny saziny, ka hanompo Azy amin'ny fahatsapana mandrakariva fa *Allah* dia mahita sy manaramaso azy, izany dia manosika an'ilay olona hanao ny fanompoana amin'ny endrika tsara sy lavorary ihany koa, ary manosika azy hanao tsara hatrany amin'ny fiainany.

Ka izany no mahatonga io ambaratonga io ho ambony indrindra amin'ny finoana Islamo; satria ny fanahin'ilay olona mihitsy no atolony an'ny Tompony izay nahary azy.

Mba heritrereto ny olona iray izay manompo an'i *Allah* tahaka ny mahita Azy, na koa manompo Azy amin'ny fahatsapana tanteraka fa *Allah* dia mahita azy; mba alaivo sary an-tsaina ny vokatr'izany fanompoana izany eo amin'ilay olona sy ny fomba fiainany miaraka amin'ireo mpiara-belona aminy.

Koa ry mpamaky hajaina! Miantso anao am-pitiavana, mba hanaraka ny finoana Islamo, ilay finoana izay hitondra anao amin'ny tena fahasambarana, eto an-tany sy any ankoatra, ilay finoana izay narahin'ireo Iraka sy Mpaminany rehetra nandalo teto an-tany.

Raha mila fanazavana fanampiny,
dia aza misalasala mifandray aminay:
Tel: 032 74 640 72 / 034 92 938 07
Facebook: Zakaria Managna



# NY TSARA HO FANTATRA MOMBA

# NY FINOANA ISLAMO

www.islamic-invitation.com